# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**14/01/2023 hatramin'ny 21/01/2023**

- **ANALAKELY** (En face Tahala Rarihasina) 020 22 236 81/ 033 90 338 34 / 034 48 788 96
- **MANJAKARAY** (Lot II D Ter Manjakaray) 020 22 456 78/032 12 456 78
- **TANA** (Antsahavola) 020 22 207 17/033 05 207 17/034 05 207 17/032 05 207 17
- **MAHASOAVA** (Près BNI Antsakaviro) 020 22 329 85/034 14 525 52
- **SAKAIZA** (Antohamadinika) 034 92 159 03/032 12 002 03

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1390-01-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### VINAN'ANDRIAMANITRA SY NY AFK

# Vonona ny fitaovana fa miandry ny olom-pirenena hijoro

Atrikasa, fikaonandoha sy dinika maro samihafa (forum, colloque, symposium), fihaonana tamin'ny mpanao gazety, no efa asa nataon'ny olon'ny Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK) tato anatin'ny taona maro, 2016 – 2022, ho fanatanterahana ny Vinan' Andriamanitra ho an'ity firenena ity. Ankoatra ireo dia efa nisy koa ireo fihaonana tamin'ny vondron' olona samihafa sy manam-pahefana tomponandraiki-panjakana isan-tsokajiny tamin'ny faritra samihafa eto amin'ny Nosy. Nisy ihany koa ny fihaonana tamin'ny tomponandraikitry ny fiangonana sy fikambanana kristiana samihafa. Tao anatin'izany no nanazavana tamin'izy ireo ny antom-pisian'ny AFK sy ny tanjona kendreny hapetraka eto amin' ny firenena. Nanao ezaka be ny tomponandraikitra tamin'ny fampitana izany tamin'ireo rehetra natonina sy nihaonana. Zava-dehibe rahateo ny fihaonana mivantana satria asa lehibe no hotanterahina ary ilaina ny fahare-sen-dahatry ny olom-pirenena. Ny tsapa anefa dia eo ny tsy fahampiana na ny fahasahiana hijoro. Sanatria ve efa very ny risi-po ho amin'ny fiarahamientana hamoaka ity firenena ity ao anaty lavaka mangitsokitsoky ny fahantrana sy amin'izao toerana misy azy izao? Sanatria ve mbola hitazam-potsiny ny maro ka hiandry izay hahapotika bebe kokoa noho izao efa iainan'ny vahoaka malagasy izao? Sarotra ny hino izany, fa mbola misy olom-pirenena eto manana ny fitiavan-tanindrazana marina sy hamonjy ireo mpiray tanindrazana. Entanina izy ireny hijoro ary ny AFK vonona hiarahiasa amin'izy ireo.



*Ny filohan'ny AFK, Ricky Andriamparany.*

Amin'ny fanatanterahana ny Vinan'Andriamanitra izay, dia efa vonona avokoa ireo fitaovana fototra samihafa ilaina amin'izany. Fitaovana izay efa eo am-pelatanana sy miandry ny fampiasana azy sisa. Iray lehibe amin'izany ny fanamboarana sy ny fahavitana ny rindrambaiko ( logiciel) iray izay vitan'ny teknisiana malagasy ihany. Io fitaovana io dia vahaolana lehibe iray amin'ny olana amin'ny fitantanana amin'ny sehatra maro manan-danja eto amin'ny firenena. Eo ihany koa ny fahavitana ireo boky fito (7), izay efa navoaka tamin'ny taona 2020, namoahana ny fanadihadiana sy fikarohana natao hanatanterahana ireo dingana hahatratrarana ny tanjona amin'ny Vinan'Andriamanitra. Nisy koa famoahana ireo Andry fototra sivy (9) izay tena zava-dehibe tokoa satria mampitoetra ny fifampitokisana izay banga hatramin'izay teto amin'ny firenena. Vonona ny fitaovana, fa miandry ny olom-pirenena sisa hijoro sy hiara-hientana. Ny azo ifandraisana 03417 46053.

***Aris***

### Fahapotehan'ny RN2

# Tsy hihemotra amin'ny fitokonana ireo mpitondra kamiao

Ho raikitra fa dia hanao fitokonana ireo mpitondra fiara vaventy, na kamiao amin'ny lalampirenena faha-2 na RN2 iny, hanomboka rahampitso 15 janoary. Io no nambaran'ny filohan'ny SCPM, syndicat des chauffeurs professionnels de Madagasikara, na sendikan'ireo saofera matihanina eto Madagasikara, Joel Rakoto. Hanomboka rahampitso alahady izany fitokonana hataon'izy ireo izany, ka tsy hifarana raha tsy mandray andraikitra mamaha ny olan'ny fahapotehan'ny lalana izao ny fitondram-panjakana. Olan'izy ireo ny fahasimban'ny fiara noho ny lalana ratsy, ny loza mety hitranga, ny fahaverezam-potoana be noho izay lalana potika izay,... Araka ny nambarany, mpamily kamiao an'arivony no handray anjara amin'izany grevy izany ary miantso ireo rehetra mampiasa ny lalampirenena faharoa koa izy ireo hanatevina ny hetsika hataony. Raha tsy hahitana vahaolana haingana izao hetsiky ny mpamily kamiao izao, hikatso avokoa ny famatsiana karazan-javatra maro ho an'ny renivohitra, sy ny faritra ivelan'i Toamasina. Mahakasika ny ho fanarenana ny RN2 io, nanambara ny ministra tompon'andraikitry ny asa vaventy, fa haverina ny fanaovana appel d'offres, na ny fiantsoana tolo-bidy hataon'ny minisiteran'ny asa vaventy amin'ny herinandro, fa raha ny voalaza dia tsy namokatra ny natao teo aloha. Voalaza tamin'izany fa amin'ny 15 febroary, no hanomboka ny fanamboarana ny RN2. Ka ho sahirana eto isika izany mandra-pahatongan'izany, satria tsy hihemotra amin'ny fampikatsoana ireo mpitondra fiara vaventy. Hita fa fitondrana tsy manana vahaolana matotra sy maharitra no misy, fa dia vonjy tavanandro hatrany, efa mirehitra ny afo vao miezaka mamono ry Rajoelina sy ny forongony.

***Stefa***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 418**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

## TENY MIFANAPAKA N° 418




**Mitsivalana**

**1.** Nisehoana **2.** Bengy (miv) **3.** Ambasadaoro, iraka **4.** Marika – Gasikara (miv) **5.** Hery sy tanjaka – Ao amin'ny vata **6.** Karazana fitsaboana – Vahiny aziatika **7.** Fanontaniana **8.** Enti-milaza – Maneho fa maraina – Isa Romana **9.** Fiandrasana **10.** Hita amin'ny famantaranandro – Tsy salama (miv)

**Mitsangana**

**A.** Nanao fiainana tsy ara-dalàna **B.** Tany kely (miv) – Hita amin'ny kajy (BR) **D.** Faritany – Zanak'i Dada **E.** Mahare (miv) **F.** Tsy nanaiky nitsipaka (miv) – Biby fiompy **G.** Fitadiavam-bola – Naoty (miv) **H.** Mpanondro – Ino **I.** Azera, adaboka (miv) – Mari-bola **J.** Atsahatra – Tsirin-teny Iharana **K.** Matanjaka – Mandeha haingana (miv)

## Valiny Teny Tondro (0417)

**Mitsivalana**
- Ilaozana
- Vola (miv)
- Andrana
- Hirako
- Avana (miv)
- Nibaby
- Manery

**Mitsangana**
- Izahay
- Nin(o)
- Andrana
- Ravin(a)
- Zaikabe
- Alao – Ar
- Non(o) – Aby
- Sava (miv)

## Valiny Teny mifanaraka 0417

**Mitsivalana**

**1**. Fanafihana **2**. Aby - Avelao **3**. Nafenina **4**. Aloka - Ar **5**. Manta (miv) - S/aka **6**. Ivo - Evoka **7**. Hazavana **8**. Tanala (miv) **9**. Nandà (miv) - Neny **10**. Sakamalao (miv)

**Mitsangana**

**A** Fanjaitra **B**. Aba - TV - Do **D**. Nifanohana **E**. Ela - (M)alal(a) **F**. Fanomezana **G**. Kivy (miv) - Van(o) **H**. Hena - Ovana **I**. Ala - Ketaka (miv) **J**. Na - Naka (miv) - (Kora)na **K**. Aotra - Sira (miv)